

Jésus Vivant  
édition  
en Marie

édition  
**Malgache**



No. 16, août 2019

**Bulletin Mensuel de Formation et d'Information**



Association Marie, Reine des Coeurs

## MISSIONNAIRES MONTFORTAINS

Tél (+39) 06-30.50.203  
Fax (+39) 06 30.11.908

Viale dei Monfortani, 65, 00135  
Rome – ITALIE

<http://www.montfortian.info/amqah/>  
rcordium@gmail.com

## Table des matières

<b>Fanazavana Ara-baiboly - Lk 1,39-56</b>	<b>3</b>
<b>Fiainam Panahy Montfortana - Firosoana mivantana ao amin'ny fiainam-piaraha-monina</b>	<b>5</b>
<b>Entretien– P. Frederick B. Yumang, SMM: FITIAVANA MIZARA IREO LOVAM-PANAHY MONTFORTANA</b>	<b>8</b>
<b>Partage – Fanoloran-tena amin'i Jesosy: sekolin'ny fahamasinana izay iantsoana ny tsirairay</b>	<b>13</b>
<b>Vaovao Samihafa - MALANG, Indonésie</b>	<b>18</b>
<b>Vavaka – Fihetsika feno fitiavana</b>	<b>20</b>



## **Fanazavana ara-baiboly**

**Ny Famangiana**

**Lk 1,39-56**

**Ary nandeha haingana i Maria:** ny fahasoavana izay noraisin'i Maria tamin'ny andron'ny Filazàna dia tsy mba notànanay ho azy samirery ; nandeha izy ka nizara izany tamin'ireo izay afaka ny handray azy, dia i Elizabeta sy Joany Batista. Ny fihaonan'ireto renim-pianakaviana roa, ary mbola mihoatra izany ny fihaonan'ireo zanany roa : Jesoa sy Joany Batista izay fototry ny iraka hotanterahin'izy mirahavavy.

**Nony vao ren'i Elizabeta ny fiarahaban'i Maria:** ny feon'i Maria no nampientana an'i Joany Batista tao an-kibony, ary feno ny Fanahy Masina i Elizabeta.

**Nanandram-peo izy:** ny manandram-peo dia teny fampiasa amin'ireo fihibiana mandritra ny litorjia any an-Tempoly ; manoloana Fanambaràna lehibe isika, eo anivon'ny litorjia. Nambaran'ny Fanahy Masina taminy ny fisian'i Jesoa ao amin'i Maria.



**Avy aiza amiko izao no mba vangian'ny renin'ny Tompoko aho?** Izany tenin'i Elizabeta izany dia toa sahala amin'ilay nambaran'i Davida tamin'ny fotoana nahatongavan'ny Vatamsin'ny Fanekem-pihavavana : Ahoana no hidiran'ny Vatamsin'ny Tompo ho ao amiko ? (2S 6, 9).





Tokony ho 3 volana no nipetrahan'ilay Vatamasin'ny Tompo tao amin'ny tranon'i Hôbeda-Edôma, ary nitoetra tokony ho 3 volana tao amin'i Elizabeta i Maria. Ny fombafomba rehetra dia naneho ny fitovian'ireo tranga ireo teo amin'i Maria sy ny Vatamasin'ny Fanekem-pihavanana : raha tao amin'ny Vatamasina no nisy ny Fanekem-pihavanana'ny Tompo, i Maria izay nitondra an'i Jesoa tao an-kibony kosa no Vatamasin'ny Fanekem-pihavanana vaovao. Raha toa ka hampitaha ireo lahatsoratra roa ao amin'ny tantaran'ny Famangiana sy ny namindràna toerana ny Vatamasina ireo àry isika, dia hahita toetra 3 iombonany : ny fandehanana mamakivaky an'i Jodà, ny fanehoana hafalian-dehibe ary ny fipetrahana nandritra ny 3 volana. Mazava tsara ny hafatra. I Maria izay Vatamasina dia manomboka ny fisehoany ary ny mandrafitra azy dia ny Fanahy Masina. Manasa anareeo aho mba hamaky ny Salamo 132 izay mihra ny namindràna ny fiaran'ny fanekena.

**Sambatra ilay nino:** izany no hasambarana voalohany nolazaina tamin'i Maria ary mankalaza ny finoany ny Tenin'ny Tompo izy.



**Mankalàza ny Tompo ny fanahiko:** ny valin-teny nomen'i Maria dia antsa fisaorana an'Andriamanitra, mankalaza ny Tompo izy, tsy mba nisy notànanay ho azy samirery ireo fideràna nataon'ny rahavaviny ; mankalaza ireo zavatra lehibe nataon'Andriamanitra izy toy ny nataon'i Maria, mpaminany vavy (Ex 15, 20), ary toy ny nataon'ireo nialoha azy : Debôrâ (Jg 5), Hanà (1S 2, 1-10), Jodita (Jdt, 16). Ao amin'ny Tononkirany dia milaza ny mombamomba azy sy mankalaza ny Tompo i Maria (46-50) ary midera ny asan'Andriamanitra kosa izy avy eo (51-55). Tononkira milaza ny asam-pamonjena izany. I Maria no karazan'ireo « mahantra an'Andriamanitra ». Ary misaotra an'Andriamanitra izy tamin'ny nosafidianany manokana ireo madinika. Misy hevitra mifanohitra ihany manoloana ny haleben'Andriamanitra sy ny fahakelezana, ny fanetren-tenan'i Maria.

**Hataon'ny taranaka rehetra hoe sambatra aho:** izany fanetren-tena nananan'i Maria izany dia tsy mba nanakana azy ny hanambara izay hitany na dia mbola tsy nazava taminy aza, satria tsy mba nitoky tamin'ny tenany izy.

**Nanao zavatra lehibe tamiko ilay Mahefa:** ny fanetren-tenany no nahafahany nahafantatra ireo zava-dehibe nataon'ny Tompo tao aminy.

**Masina no Anarany:** fiekm-pinoana velona no ataon'i Maria eto.

**Niahy an'i Israely mpanompony izy:** Israely dia mpanompo, Maria dia nietry ho mpanompovavy. Mankalaza ny tsy fivadihan'ny Tompo i Maria ary manambara ny fahatokiany.

## Firosoana mivantana ao amin'ny fiainam-plaraha-monina

Raha tena iainantsika tokoa ny fanokanan-tena, dia ho hitantsika ny fahatanterahan'ny faminanian'i Mompera de Montfort mahakasika ny fisian'ireo « apostoly marina amin'ny andro farany » (VD 58, cf. VD 49-59) mba hiaraka amin'i Maria amin'ny ady hanoherana ny herin'ny ratsy (VD 51-54) eo ambany fitantànan'ny Fanahy Masina « mba hanitärana ny fanjakan'ny Andriamanitra » (cf. VD 59) eo amin'ireo ratsy fanahy.




Ny fahatokisana tokana mba hilazàna fa miaina « tokoa » ny fanokanan-tena isika dia rehefa « miditra ao anatin' » izany fampiharana izany (cf. VD 119). Manambara i Montfort fa ireo « apostoly marina amin'ny andro farany » ireo dia ho tonga raha toka « iainan'ireo olom-boafidy ao am-pony, amin'ny fomba latory miaraka amin'ny fahasoavana amam-pahazavan'ny Fanahy Masina » (VD 55) ny fiainana ny fanokanan-tena. Eto indray dia tokony ampiharina ireo « fomba fanao manokana ao am-po ho an'ireo izay te ho latory » (VD 257-265). Ireo fomba fanao ireo dia « tena maha masina ho an'ireo antsoin'ny Fanahy Masina ho amin'ny fahalavorariana ambony kokoa » (VD 257).

Ireo apostoly marina ireo dia « ho toy ny afo hiredareda, mpandrahaharan'ny Tompo, handrehitra ny afom-pitiavany hatraiza hatraiza » mba hanely ny fambolena ny fitiavana eto amin'izao tontolo izao, ... « ho toy ny zanatsipîka maranitra eo am-pelatànan'i Maria ilay mahery, hamonoany ireo fahavalony », « ho toy ny zanak'i Levy, voadio tamin'ny afon'ny fitsapàn-dehibe ka mifikitra mafy amin'Andriamanitra » (VD 56), « ho toy ny samboaravoaran-drahona ka tsioka malefaky ny Fanahy Masina dia ampy hampiendaka azy amin'ny zavatra rehetra » (VD 57), « ho apostoly marina amin'ny andro farany » (VD 58) ary « ho tena mpianatr'i Kristy marina » (VD 59).

Fa iza ary moa ireo apostoly ireo ? Tsy iza fa ny Fiangonana manontolo ! Avy hatrany dia any amin'ireo izay manana ny asa maha-apostoly ao

amin'ny Fiangonana ny saintsika, kanefa mampitodika anareo manokana amin'ireto lahîka izay narotsaka toy ny lalivay tao amin'ny lafarinina ireto aho. Eny fa na dia natolotra manokana sy bebe kokoa an'ireo efa natao batemy aza ny fanokanan-tena, dia azo ambara fa fanomezana lehibe avy amin'ny Mompera de Montfort izy ho an'ny fitomboana ara-panahy sy fanofanana ny vita batemy izay miaina marina ny batemy noraisina ao amin'ny asam-Piangonana ! Satria mantsy ny toky nomena tamin'ny batemy no havaozina ao amin'ity fanokanan-tena ity (VD 120, 126-131), ary atokisana fa ny toro-hevitra avy amin'i Montfort dia hanampy ireo lahîka ho tonga « fanasin'ny tany sy fahazavan'izao tontolo izao » (Mt 5, 14) !



Amin'izao taon-jato izao ny Fiangonana dia mila lahîka matanjaka izay miaina am-pahatokiana ny fiainany amin'ny maha-lahîka azy. Ny Kardinaly Suenens, avy any Belgique, izay nanana ny fiainany manokana nentanin'ireo fampianarana momba ny fanokanan-tena natolotr'i Louis-Marie, dia nilaza fa ny kristianina izay ilaintsika ankehitriny, voalohany indrindra, dia ireo izay nihaona tamin'i Jesoa Kristy ; faharoa manarak'izany, dia ireo izay afaka ahitân'ny mpiara-belona ny endrik'i Jesoa ao aminy, ary fahatelo farany, dia ireo izay mahalala an'i Jesoa manoloana ireo namany amin'ny fanomezana porofom-pitiavana velona. (cf. L.J card. Suenens, *The Christians at the Down of a New Era*, 'FIAT' Publicatons, Belgium ; 1999).

Marina fa ireo toetra mampiavaka manokana ireo dia afaka « tratrarina » raha tena iainana ny fanokanan-tena. Raha toa ka miaina ny fanokanan-tenany ny lahika dia ho tonga kristianina matanjaka ara-panahy izy eo amin'ny fiaraha-monina. Eto àry, tsara ny manome fanamarihana roa farafaharatsiny.



**Voalohany aloha**, ny lanjan'ny firosoana manokana amin'ny fiainana ny fanokanan-tena dia tsy tokony hitondra izay miaina azy ho amin'ny fijerevana ny tenany ihany. Ny batemy, izay havaozina ao amin'ny fanokanan-tena, dia sakramenta izay ahafahan'ny olona nandray azy hiombona amin'ireo mpino. Noho izany ny fanokanan-tena dia tokony hainana mandrakariva eo am-piarahana amin'ny kristianina. Ao anatin'ny fiainana izay misy antsika koa ny fiainana miaraka amin'ny hafa; ny fanokanan-tena dia tsy tokony hainana mihitsy ao anatin'ny fitokanamona.

**Faharoa**, ny fiainana marina ny fanokanan-tena dia tsy tokony hitondra mihitsy izay miaina azy ho amin'ny fanaovana vavaka « fanajàna » fotsiny ihany, izany ho ireo karazana vavaka izay tsy mitondra amin'ny asa. Marina fa misy ireo vavaka izay tokony ho tononina ao anatin'ny fomba fanao ivelany amin'ny fitiavana amam-panajàna (VD 226-256), kanefa ny fiainana ny fanokanan-tena dia tokony hitondra antsika amin'ny fanaovana asa mivaingana ho an'ny fiangonana, izay matetika tena sarotra tokoa, eo anivon'ny fientanentanan'izao tontolo izao.



Ao amin'ny tontolo misy antsika ankehitriny dia ilaina ny fisian'ny vavolombelona; amin'izay lafiny izay dia tena maika ny fandraisan'ireo lahîka anjara. Ny fifampiresahana eo amin'ny samy religiozy sy ny fiaraha-miasa eo amin'ireo samy mpino kristianina dia tokony hitondra mankany amin'ny fampitâna ireo hatsaram-panahy hita ao amin'ny Evanjely. Aoka tsy hadinontsika anefa ireo olana lehibe izay mbola hanànan'ny fiaraha-monina misy antsika fahataràna : ny fanabeazana, ny fahatràna ara-ekonomika, ny fanaovana kolikoly eo amin'ny sehatry ny politika sy ny maha olona, ny fanapotehana ny tontolo iainana... Ireo lahîka dia miaina ao amin'izao tontolo izao, fa tsy azy izy ireo, satria an'i Jesoa amin'ny alàlan'i Maria ao amin'ny Fanahy Masina. Miaraka amin'ny toetra maha mpanokan-tena azy dia mandray anjara amin'ny fanovàna ny endrik'izao tontolo izao ireo lahîka, « avy ao anatin' » izao tontolo izao.

FANADIHADIANA

**FITIAVANA MIZARA IREO LOVAM-PANAHY MONTFORTANA****Fanadihadiana niarahana tamin'I P. Frederick B. Yumang, SMM**

**Mompera Frederick B. Yumang, SMM** dia teraka ny 1er Mey 1973 tao Macabebe, Pampanga, avaratr'i Metro Manila. Nanonona ny Voady Voalohany tato amin'ny Fikambanana Compagnie de Marie izy ny 31 Mai 2004 ary nohamasinina ho Pretra ny 13 Mey 2016. Izy dia Talen'ny Foibe ara-panahy Montfortana ao Quezon City ary Tale ara-panahy eo amin'ny sehatra nasionalin'ny Fikambanana Marie Reine des Cœurs (AMRdC).



*Ny vondrona solontena any Philippines dia fantatra amin'ny lafiny roa amin'ny ankapobeny:*

*Voalohany, manana ekipa iraka mpitety vohitra ianareo.*

*Faharoa, mizara ampahavirihana ny Fanokanantena amin'I Jesoa amin'ny alalan'I Maria ianareo. Azonao atao ve ny mamaritra ny fiandohana sy ny fahaterahan'ireo hetsika roa ireo?*

*Ity ekipa iraka mpitety vohitra ity ve mbola misy?*

Ny iraka fitetezam-paritany tany any amin'ny Nosin'ny Cebu (atsimon'ny Philippines) dia nanomboka tamin'ny taona 1994 tao amin'ny Arsidiosezin'ny Cebu. Ny tanjon'ny iraka dia ny hamolavola ny ankohonam-piagonana fototra (basic ecclesial Communities – BEC) ao amin'ny Arsidiosezin'ny Cebu. Ireo toerana anirahana izay nankinina tamin'ireo Misionera Montfortana dia toerana mazàna any amin'ireo tendrombohitra sy nosy.

Ny taona 2011, ny Arsidiosezin'ny Cebu no namarana ity fandaharan'asa mifandraika amin'ny BEC ity. Tamin'ity taona ity no faran'ny iraka mitety vohitra tany Cebu. Fa ireo Misionera dia manohy ny fitsidihana sy ny fankalazana ny Sakramenta tany amin'ireo faritra sasany nisy ny asa fanirahana teo aloha mifanaraka amin'ny faneken'ny Pretra Tomponandraikitran'ny Paroasy. Misy ny adihevitra amin'ireo Paroasy sasany ao Cebu mba hamelomana indray ny iraka mitety vohitra miaraka amin'ny Fanokanantena tanteraka ao amin'ny Ivon-toeran'ny asa fanirahana.

Ny fanomanana ny fanokanantena tanteraka, fantatra amin'ny anarana hoe Totus Tuus Journey (TTJ), any Philippines, dia nanomboka ny Febroary 1986 tamin'ny vanim-potoana nisian'ny fikomiana malaza tsy nisy rà mandriaka izay antsoina ihany koa hoe "ny herin'ny vahoaka" tany Philippines. Ry Mompera Mario sy Mompera Claude no nanomboka ny dingana. Ny vondrona voalohany (ampahany vitsy) dia nanao ny fanokanantena ny 08 Desambra 1986. Ankehitriny, tanatin'izay 33 taona nisian'ny TTJ tao Philippines izay, dia misy eo amin'ny 100 isa eo ny vondrona.



*The Congregation of the Company of Mary  
(Montfort Missionaries)*  
9th St. New Manila

Cordially invites you to join the

## *Totus Tuus Journey (TTJ)*

February 2, 2019, 8:30 am  
Montfort Center of Spirituality,  
47 Sgt Madriñan St, QC with  
Fr Norwyn Baydo, SMM  
as priest presider

*"This devotion is a perfect way to reach our Lord and be united to Him, for Mary is the most perfect and most holy of all creatures, and Jesus, who came to us in a perfect manner, chose no other road for his great and wonderful journey."*  
St. Louis Marie de Montfort

The TTJ sessions will be held every Saturday, 1-4pm beginning February 9, 2019

For more information,  
Please contact:  
Sister Asia Infante - 09171782195  
Sister Ana Marie Fuentebella - 092852398442  
Sister Gelly Fernandez - 09199900110



*Momba ny fizarana ny aim-panahy Montfortana miaraka amin'ireo Lahika, raha tsy diso aho, dia mizara vondrona anankiroa miavaka tsara ianareo:*

- 1) manokatra ny fivoriana ho an'ny besinimaro ianareo amin'ny fanomanana ny fanokanantena amin'l Jesoa amin'ny alalan'l Maria, miaraka amin'ny TTJ malaza.*
- 2) Avy eo, ireo izay nanokantena dia misy ireo izay manatevin-daharana ny Fikambanana Marie Reine des Coeurs.*

Amin'ny ankapobeny, ireo rehetra nanokantena amin'l Jesoa tamin'ny alalan'l Maria, araka ny fampianaran'i Père de Montfort dia antsoina hoe "vondrona TTJ" na "TTJers".

Ny "TTJ" izay maniry hiara-hiasa mavitrika amin'ireo asa samihafa ao amin'ny Misionera Montfortana dia misoratra anarana ho mpikambana ao amin'ny AMRC na ny Fikambanana Marie Reine des Coeurs. Ity Fikambanana ity izay niforona vao haingana, ny 09 Avrily 2018.



*Raha toa ka milalao tarehimarika isika, firy ny olona efa nanao ny fanokanantena, hatramin'ny nanombohan'ity TTJ ity?*

Efa mihoatra ny 800 ireo lahika izay nanokantena nanomboka tamin'ny taona 1986.

***Fa ny mpikambana ao amin'ny fikambanana, hatramin'ny nanombohany, firy izy ireo?***

Ny AMRdC dia manana mpikambana 80 eo ho eo ao Philippines hatramin'ny 2018.

***Inona no mampiavaka ny olona izay nanao ny fanokanantena fotsiny amin'ny mpikambana ao amin'ny Fikambanana?***

Ny TTJer iray dia afaka manatrika an-kalalahana ny fiofanana maharitra omen'ny Foibe miankina amin'ny fahafahany ary afaka manampy amin'ny zavatra atao ao amin'ny Foibe toy ny mpirotsaka antsitrano, rehefa ny mpikamban'ny AMQAH no nanolo-tena ampahibemaso hiara-miasa mavitrika amin'ireo asa fitoriana an'ny Compagnie de Marie ary manatrika ny fiofanana tsy tapaka.



***Misy fombafomba manokana ve hanekena ny olona ho Mpikambana anatin'ny Fikambanana?***

Eny, misy ny fombam-pivavahana manokana amin'ny fisoratana anarana ho AMRdC. Ny tokony ho izy, izany dia tanterahina iray andro aorian'ny laretirety amin'ny fetin'I Masina Maria.

**Raha tsy misy intsony ny ekipa iraka mpitety vohitra, inona ireo endriky ny fandraisana anjaran'ny mpikambana ao amin'ny Fikambanana izay tarihao amin'ny iraka Montfortana ao amin'ireo solontenanao?**

Araka ny rafi-pandaminan'ny AMRdC, ny Mpikambana dia miara-miasa amin'ny iraka samihafa toy ny:

- 1) Ekipa ara-panahy (Tomponandraikitra amin'ny famolavolana vondrona vaovao TTJ eo am-panombohana hatramin'ny andron'ny Fanokanantena, Tomponandraikitra ihany koa amin'ny fampiofanana mitohy an'ireo mpandrindra)
- 2) Ekipa iraka (Miandraikitra ny fandaharan'asan'ny Katesizy sy ny fanomezana sakafo, tobin'ny tanora Marialy (Marian Youth Camp), fampiofanana ny fianakaviana, sns..)
- 3) Ekipa mpitory ny Evanjely ( Miandraikitra ny Fivahinianana Masina Montfortana, fihatahana Masina Montfortana, hetsika atao amin'ny fanehoana fitiavana sy fanajana an'l Masina Maria, biletam-pilazam-baovao, sns..).
- 4) Fanizingizinana ny toeran'l Maria mandritra ny asa fitoriana rehetra (Andraikitrin'ny mpitantana ny Foibe, fampiroboroboana sy fivarotana ireo boky nosoratan'l Père de Montfort, litorjia isaky ny Sabotsy voalohan'ny volana amin'ny Vavaka tsy tapaka, Lamesa, fiaraha-miaina, sns..)



**Afaka lazainao ve, inona avy ireo asa ataon'ny Foibe ara-panahy Montfortana izay tarihanao?**

- A-Laretirety isan-taona amin'ny vanim-potoanan'ny Fiaviana sy ny Karemy ary ireo Laretirety marialy.
- B-Fivahinianana Masina isan-taona
- C-Fandaharan'asa amin'ny Fandalinam-pinoana sy ny famatsiana aratsakafo
- D-Fanomezana isan-taona
- E-Fandaharan'asa amin'ny fampitomboana hatrany ny aim-panahy ho an'ny TTJers/ AMRdC
- F-Fanofanana ireo vondrona vaovao ao amin'ny TTJers
- G-Famelabelarana mikasika an'I Masina Maria, hetsika amin'ny Fanajana an'I Masina Maria (Volan'ny Razoery, Voninkazon'i Maria)
- H-Laretirety / Fihatahana Masina ho an'ireo vondrona kely ao amin'ny Foibe

Partage

**Fanoloran-tena amin'i Jesosy:**

**Sekolin'ny fahamasinana izay iantsoana ny tsirairay**

Teo amin'ny fiainako lalandava i Mopera Montfort hatramin'ny fahazazako. Teraka tao Cerizay aho faritra any Avaratra , ao amin'ny Deux-Sèvres izay toerana efa nanaovana'i Mopera lamesa ( Zava-niseho notantarain'i mopera Olivier Maire) . Mpianatry ny kolejy Notre Dame de Bressuire , izay tantanindry masera Ankizivavin'ny Fahendrena . Niasa ny taona 2002 hatramin'ny 2018 teo amin'ny toeran'ny Ekonomia provinsialy ireo missionera montfortanina Frantsay .





Manomboka dingan-piaianana vaovao tamin'ny fiantomboan'ny maha mpisotro ronono ahy , tsapako tao anatiko fa mila fotoana afahako mandalina ny antso maha vita batemy ahy , ary hamela ny Tompo hiasa amin'ireo lalan- baovao izay hitako soritra sahady .

Efa nanao fanoloran-tena aho tamin'ny taona 1996. Fa tamin'izao fiandohan'ny fotoana maha mpisotro ronono ahy izao , tsapako fa ilaike ny fiverenana amin'ny fahazoana lalina ny vavaka fanoloran-tena izay tononintsika isan'andro . Fomba iray afahana maneho ny fahatokiana.

Md Louis Marie Grignon de Montfort nametraka Iovan-panahy tsara loatra ho an'ny Fianganana izay miaina ivelany ny fikambanana . Ny fihaonana Iraisan-pirenena tany Saint Laurent tao Sèvre nanaitra ahy amin'ny maha zava-dehibe ny fihaonana any am-piangonana mba hiainana io harena sarobidy io sy hitrandrahana azy. Na ndritra ny resaka nifanaovanko tamin'i Mopera Arnold , hoy izy maninona raha manokatra vondrona iray any Pontchateaux .

### **Fanavaozana fanoloran-tena amin'i Jesoa amin'ny alalan'i Maria**

Noho izany dia nitady ny fomba tsara indrindra aho mba handalinana sy hiainana tsara kokoa ny iraka maha vita batemy ahy ho an'ity dingana vaovao. Satria tsy mbola nisy firalahiana marialy tao Pontchateaux, hitako hoe tonga ny fotoana hanganana ny vondrona satria betsaka ny olona efa nihaona tamiko sy vonona amin'izany. Fotoana tsara afahana miroso sy mandeha am. Kanjo voasongana aho ! Ireo misionera montfortanina Calvaire i Pontchateau efa nanana tetikasa hanomana fotoana tsy hay adinona isan-taona ho fiomanana amin'ny fanoloran-tena amin'i Jesoa amin'ny alalan'i Maria. Ity vondrona ity efa nanomboka tamin'ny Oktobra 2018 izay notarihan'i mompera Efrem, nanofana mpandray anjara 25 izay mihaona indray mandeha isam-bolana isaky ny Sabotsy voalohany tao Calvaire de Pontchâteau. Tsy nantsoina hoe « Firalahiana marialy montfortanina »saingy niaraka izahay, nanangana ny vondrona ho an'ny Fanoloran-tena.



Tena fiandohanana mahafinaritra afahana miaina amin'ny fomba feno fahatokisana ireo teny fampanantenana tamin'ny batemy sy mampiombona anay samy mpikambana. Tena fotoana tsara fifampizarana, vavaka sy fiombonana.

Notarihan'i Mopera Efrem Amin'ny famakiana ara-panahy ny boky »Ny tsiambaran-telon'i Maria » mba hamokisana ny fiainanay anaty sy ny fifandraisana maha zanaka miaraka amin'i Maria. Nankaherezany izahay mba hampiasa izany amin'ny fandalinana ny fanoloran-tena isan'andro amin'i Maria. Nanao ny fanoloran-tena izahay ny alatsinain'ny Pantekoty 2019, tao anatin'ny hafaliana tanteraka .Niainanay tanatin'ny firalahiana tanteraka ity fiofanana ity nisian'ny fifanakalozana, fifakazahoana am-po izay nanampy ny tsirairay handroso sy hifankafantatra mamindra miaraka amin'ny mpino hafa mba hifampizara namorona finamanana tsara



Izaho manokana , tena niainako tamin'ny fomba manokana ny fotoana fiomanana, teo ampamerenana ny fiainana ho tahaka ny lalam-panantenana mba ahafahana mamorona sy manangana ny ho avy. Nandinika ny tsiambaratelon'i Maria sy ny Tenin'Andriamanitra nampametran-panontaniana ahy, manoloana ireo trangan-piaínana ara pinoana niainako fa indrindra mandinika azy ho azy, mba hamelona ahy. Ny hevity izao rehetra izao tsy hita raha tsy amin'ny alalan'ny fanambarana izay omena raha maka fotoana iarahana amin'ny Tompo mba hatakarana azy. Kristy no maneho an'i Kristy. Iza no olona tsara kokoa noho i Maria hitondra ahy ahafantatra an'i Kristy?



Tamin'ity taona ity no niainako tahaka ny voalevina lalina mba hamaka , voarantsana mba hitondra vokatra bebe kokoa hatrany. Tsapako fa mandalo ny fiainana ary tiako omena lanja amin'ireo fihaonako , ireo fifampizarana ataoko ary ireo fanoloran-tenako.

### **Mahatakatra ny fanoloran-tena**

Ahoana no fomba handrindrako ny fotoana izay nomena ahy mba hiofanako sy mba hanompoko ny hafa? Mandeha amin'ny lafiny manokana makany amin'ny lafiny itambarana no tena olako.

Ny fanoloran-tena amin'i Jesoa amin'ny alalan'i Maria mamenno ny fiainana iray manontolo, ary mitarika mazava loatra ny safidintsika, ny fanoloran-tenantsika, ny eritrerintsika, ny ataontsika, ny teny aloaka ny vavantsika ary ny fahanginantsika, zany hoe izay ananantsika, izay ataontsika ary izay maha izy antsika.

Miandry antsika ny iraka ... tahaka izay voasoratra ao amin'ny Firalahiana montfortanina « Ny mpino voatokana mandray ny anjara asany apostolika ao anatin'ny Iraky ny Eglisy izay lovainy avy amin'ny Iraka Tokana ny famonjen'ny Zanak'Andriamanitra: manome sy mizara ny AINA ho an'izao tontolo izao.

Raha ny marina, nanolontena ao amin'ny ekipa misahana ny fandevenana eto amin'ny paroasy aho rehefa nahavita fiofanana tany amin'ny Diosezy Nantes.

Niditra tao amin'ny Vondrom-bavaka Arbre de vie aho mivory isaky ny Alarobia . Hetsika karismatika. Mampianatra ahy hijery ireo ezaka azo atao ho an'ny fitoriana ny Vaovao Mahafaly vaovao.

Eo lalandava aho ho an'ny Fikambanana Misionera Montfortanina amin'ireo asa eo anivon'ny misionera vahiny mba hampianatra azy ireo teny Frantsay, efa nanampy misionera iray aho amin'ny fampianarana ny lalana mifehy ny fitondrana fiara, nanampy an'i Mopera Santino aho, izay lehibe ny Fikambanana, mahakasika ireo dingana samihafa amin'ny lafiny ara-ketra mba hahafahana mandray ireo fanomezana ho an'ny Fikambanana « Les Amis du Calvaire ».

Araka ny voalazako teny ambony, nandritra ny 16 taona, nanana tombony sy hafaliana lehibe aho nandray anjara tamin'ny asa fitantanana ny Faritra i Frantsa. Tena traikefa lehibe tokoa ho ahy ny fisian'io toerana io. Amin'ireo tranga samihafa nanamarika ahy, hitantara iray aminareo aho: ny fomba fisaina demokrasika amin'ireo fanapanahan-kevitra tena nanahirana ahy eto ampiandohana satria niteraka fangatahan'andro tsy azo ialana rehefa haka fanapanahan-kevitra. Amin'ny farany, ao anatin'ny fanehoana finoana apetraka isaky ny sakana apetrak'ireo olana, ny Fahendrena foana no mandresy ary izay no mamaritra ireo lalan-piaianantsika sy ny fanapanahan-kevintsika. Manaiky fa mila mifindra, afaka manaiky ho hahitsy, afaka mandinin-tena araka ny zava mitranga .





Maria nampianatra ahy mba hanan-katao nefà tsy be fanahiana . Sahala amin'rehetra, ireo andran-piainana ety ivelany sy ao anaty, ireo tsy fahombiazana, ireo tsy fahatomobanana ary ireo hazo fijaliana izay mandio antsika sy manamafy orina antsika. Nianatra nanolotra ireo rehetra ireo aho ary nitazona finoana velona, ankoatr'ireo dokadoka na tsikera be fantany, mba hitady lalandava ilay fahafahana anaty.

Misaotra manokana an'i mopera Arnold aho izay nahafahana nanoratra ireo andian-tsoratra ireo. Fotoana ho ahy ihany koa hankasitrahana manokana ny Fikambanana Misonera Montfortanina noho ireo andran-piainana niainana niaraka tamin'izy ireo.

Hamaranako azy ny voalazan'i Papa François :« Ny finoana dia fanomezana izay mitazona ho velona ny fiantohana lalina sy tsara; isika zanaka tian'Andriamanitra. Milaza « Eny « amin'ny Tompo midika manana herim-po hiainana ny fiainana arak'izay mitranga ao anatin'ny fitiavana, amin'ny maha marefo azy, ny hakelezany ary ireo heviny mifanohitra ».

« O ry Maria mpanjakavavy tsy voakasin-keloka , tano mafy amin'ny tananao aho mba afaka mandroso arak'izay sitrapon'Andriamanitra »



VAOVAO

# TANORA MONTFORTANA



**MALANG, Indonésie** - Ny tapaky ny Volana Jona 2019, ny ankohonana Skolastika Montfortana « Tranom-pahendrena », Malang, dia nikarakara hetsika samihafa mifandraika amin'ny fanombohana sy fananganana vondrona mpianatra eny amin'ny anjerimanontolo izay miaina ny aimpanahin'i Md Louis Marie de Montfort.



Ny anaran'ity vondrona ity dia **TANORA MONTFORTANA**. Ny mpikambana dia avy amin'ireo Anjerimanontolo samihafa ao Malang



## Prière

**Fihetsika feno fitiavana**

Maria virjiny , Reny Masin'ny Lanitra,  
 Tsy misy fihetsika lehibe sy feno fitiavana ,  
 Raha tsy ireto tananao , mivelatra sy misokatra aminay  
 Endrey izahay ,talanjona manoloana anao !  
 manolotra anao , ny vatanay , ny fonay sy ny  
 fanahinay,  
 Ny asa sainay , ny tahotray , ny ahiahinay sy ny  
 ranomasonay  
 Tsy sasatra ianao mandray anay ,  
 Hainao foana mampitony anay  
 Ny hatsaramponao aminay tsy voafetra  
 Renao ireo bitika indrindra amin'ny ny vavakay,  
 Ny fonao henika fitiavana .  
 Misokatra aminay tsy misy sakatsakana ,  
 Mba handray anay kokoa sy hamindra fo aminay .  
 Sitrakao ve ny tsy sasatra ny aminay  
 Manoloana ireo halemenay mahamenatra  
 Ahoana no hankasitranhanay anao ?

Elli-mac.

**Adresse****MISSIONNAIRES MONTFORTAINS**

Viale dei Monfortani, 65, 00135  
 Rome – ITALIE

**Tel** (+39) 06-30.50.203

**Fax** (+39) 06 30.11.908

<http://www.montfortian.info/amqah/>

